**A NY ASAN'NY PASITORA**

- **Mpanompo mahaleo**
  - Misy zavatra tsy miova loatra mandritra ny fotoana mifandimby. Mbola manokatra varavarana ny taratasy fanamarinana ankehitriny, toy ny tamin'ny taonjato voalohany. Moa nila taratasy fanamarinana ve i Paoly vao ho raisin'ny fiangonana tao Korinto? (2 Korintiana 3:1)
  - Manana ny taratasy fanamarinana tena manan-kery indrindra izy: ny Korintiana ihany (2 Kor. 3:2). Novain'ny fahasoavan'Andriamanitra ny fon'izy ireo, tamin'ny alalan'ny toriteny nataon'ilay apostoly sy ireo mpiara-miasa aminy (2 Kor. 3:3).
  - "Mpanompo amin'izay fanekena vaovao" i Paoly sy ireo mpanampy azy (2 Kor. 3:6). Fanekena feno voninahitra, voasoratry ny Fanahy Masina ao am-po ho amin'ny fiainana mandrakizay.
  - Saingy nanaraka fanekena hafa ny sasany, dia ny famonjena amin'ny alalan'ny asan'ny Lalàna voasoratra tamin'ny vato, izay nanakana azy ireo tsy hahita ny voninahitry ny fahasoavana (2 Kor. 3:7-9).
- **Ny loza mety hitranga eo amin'ny fanompoana**
  - Fantatr'i Paoly ary niaretany ny fahoriana noho ny fanompoana. Fantany koa fa tsy mahafantiantoka izany fahoriana izany, fa nozakainy noho ny fitiavany ireo olona izay nomeny tombontsoa handray ny famonjena (2 Korintiana 4:15). Ankoatra izany, dia azony antoka ny fanampian'Andriamanitra (2 Korintiana 4:7-9): voageja isika, very hevitra, enjehina, potraka; nefa tsy terỳ, tsy mamoy fo, tsy nafoy, tsy maty.
  - Olombelona marefo no mitory ny filazantsara mba ho an'Andriamanitra irery ihany ny voninahitra.
  - Ny fahoriana dia "fahoriana maivana, izay vetivety foana" raha oharina amin'ny "voninahitra mavesatra maharitra mandrakariva" izay ho raisintsika amin'ny andron'ny fitsanganana amin'ny maty (2 Kor. 4:14-18).

**B NY ANDRAIKITRY NY MAMBRA**

- **Ambasadaoro mpampihavana**
  - Ny hery manosika izay tokony hitondra ny fiainan'ny fiangonana (sy ny mambra tsirairay) dia izao: "Fa ny fitiavan'i Kristy no manery anay," (2 Korintiana 5:14). Toy ny ahoana io fitiavana io, ary manery antsika amin'ny inona?
    (1) Nanolotra ny ainy noho ny fitiavana i Kristy. Manery antsika hivelona ho Azy izany (2 Korintiana 5:14-15).
    (2) Nanao antsika ho olom-baovao i Kristy. Manery antsika hamela ny fiainantsika tamin'ny lasa ho ao aoriana izany (2 Kor. 5:17)
    (3) Nampihavana antsika tamin'Andriamanitra i Kristy. Manery antsika ho ambasadaoro mpampihavana izany (2 Kor. 5:18-20).
  - Mitarika antsika ho amin'ny fiovam-piainana mahery vaika, noho izany ny fitiavan'i Kristy. Mitarika antsika koa, hizara amin'ny hafa izany fitiavana izany, sady mampirisika azy ireo hanaiky ilay hafatra feno fanantenana, ny fiainana ny fitiavan'i Kristy: "Mihavàna amin'Andriamanitra anie ianareo" (2 Kor. 5:20).
- **Antso ho amin'ny fahamasinana**
  - Mahapaka ny fiainan'ny mpitandrina sy ny mambra ny antso ho amin'ny fahamasinana:
    (1) Miaritra toe-java-tsarotra (2 Kor. 6:4-5)
    (2) Mitondra ny vokatry ny Fanahy (2 Kor. 6:6)
    (3) Marina sy mahitsy (2 Kor. 6:7)
    (4) Mijoro tsara manoloana ny toe-javatra rehetra (2 Kor. 6:8-10)
    (5) Manokatra ny fontsika amin'ny hafa (2 Kor. 6:11-13)
    (6) Mihataka amin'ireo hery miasa mangina mampidi-dozan'ny tsy mpino (2 Kor. 6:14-15)
  - Mamintina ny antso ho amin'ny fahamasinana sy ny vokany i Paoly, amin'ny fanakambanana andininy samihafa ao amin'ny Testamenta Taloha (2 Kor. 6:16-18):
    (1) Antso: Miala eo amin'ny toerana misy ota; mihataka amin'ny mpanota; tsy manendry izay tsy madio.
    (2) Vokany: Honina eo aminao Aho; ho Andriamanitrao Aho; ho oloko ianao; handray anao Aho; ho Rainao Aho.

**D NY VOKATRY NY FIARAHA-MIEZAKA**

- **Fiononana sy hafaliana**
  - Be hafaliana indrindra i Paoly, na dia niatrika olana maro aza (2 Kor. 7:4). Inona no nitondra hafaliana ho azy?
  - Nanoratra taratasy hentitra, nitondra alahelo ho an'ny Korintiana i Paoly (2 Kor. 7:8). Nefa nitondra azy ireo ho amin'ny fibebahana izany (2 Kor. 7:9-10). Nanova tanteraka ny fifandraisan'izy ireo tamin'i Paoly izany, sy tamin'izy samy izy (2 Kor. 7:11-12).
  - Koa dia, nisy fiononana ho azy rehetra. Nahazo fampiononana koa i Titosy, mpiara miasa amin'i Paoly (2 Kor. 7:7). Nahazo fampiononana i Paoly noho ny fahatongavan'i Titosy (2 Kor. 7:6). Nandray fampiononana ny Korintiana, izay nampionona an'i Paoly ihany koa (2 Kor. 7:13).
  - Nefa, tsy nirehareha ny amin'izany i Paoly. Raha afaka mifaly sy mandray fampiononana ny mpitandrina sy ny mambra, dia satria Andriamanitra no "mampionona ny mpandefitra" (2 Kor. 7:6a).